Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FAMARANANA NY TORITENY TEO AN-TENDROMBOHITRA

Mpitarika; Pst Elysée Andriamiandra

Fiarahabana

Fanolorana : Famaranana na koa famehezana ny Toriteny teo an-tendrombohitra. Matio 7.13-27

Hira chorale

Vavaka

Vakiteny 1. Matio 7.13-14.
13 Midira amin' ny vavahady èty hianareo; fa lehibe ny vavahady, ary malalaka ny làlana izay mankany amin' ny fahaverezana, ka maro ny miditra any.14 Fa èty ny vavahady, ary tèry ny làlana izay mankany amin' ny fiainana, ka vitsy ny mahita azy.

Tery ny lalana mankany amin'ny fiainana mandrakizay.

Hira 465 :1. Ry Jeso ô, ry Jeso

Vavaka
- Hifona noho ny fanarahana ny fanaon'ny olona sy ny be sy maro matetika, hany ka tsy mahita ny fitsaharana sy ny tena fiainana.
- Mba omen'Andriamanitra finiavana sy risi-po hikatsaka marina sy hiezaka handray ny fiainana omen'Andriamanitra ao amin'i Jesosy Kristy.
- Mba omen'Andriamanitra hery mba hahatonga ny finoana hiteraka toe-panahy araka an'Andriamanitra sy asa mivaingana.

Vakiteny 2. Matio 7.15-20.
15 Mitandrema hianareo, fandrao ho voafitaky ny mpaminany sandoka, izay mankao aminareo amin' ny fitafian' ny ondry, fa ao anatiny dia amboadia mitoha izy.16 Ny voany no hahafantaranareo azy. Manoty voaloboka amin' ny tsilo va ny olona, na aviavy amin' ny songosongo?17 Dia toy izany, ny hazo tsara rehetra dia mamoa voa tsara; fa ny hazo ratsy

rehetra dia mamoa voa ratsy.18 Ny hazo tsara tsy mety mamoa voa ratsy, ary ny hazo ratsy tsy mety mamoa voa tsara.19 Ny hazo rehetra izay tsy mamoa voa tsara dia hokapaina ka hatsipy any anaty afo.20 Ka dia ny voany no hahafantaranareo azy.

Aza mety ho sodokan'ny ivelany na izay miseho.

Hira 465 :2. Mitaona dia mitaona ny zava-poana

Vavaka
- Mba hiorina tsara amin'izay lazain'ny Soratra Masina eo amin'ny fiainana fa tsy handeha araka ny fihetseham-po sy hanaraka ny fanaon'ny olona fotsiny.
- Harovan'Andriamanitra ka omeny fahazavan-tsaina avy amin'ny Teniny sy ny Fanahy Masina mba tsy ho latsaka ao anatin'ny fitaka sy ny fandriky mpaminany sandoka sy ny devoly.
- Ho an'ireo sahirana ara-piainana sy ara-k'asa ary ara-pianakaviana na noho ny COVID 19 na noho ny antony hafa.

Vakiteny 3. Matio 7.21-23.
21 Tsy izay rehetra manao amiko hoe: Tompoko, Tompoko, no hiditra amin' ny fanjakan' ny lanitra, fa izay manao ny sitrapon' ny Raiko Izay any an-danitra.22 Maro no hanao amiko amin' izany andro izany hoe: Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin' ny anaranao va izahay? ary tsy efa namoaka demonia tamin' ny anaranao va izahay? Ary tsy efa nanao asa lehibe maro tamin' ny anaranao va izahay?23 Ary dia hambarako aminy marimarina hoe: Tsy mba fantatro akory hianareo hatrizay hatrizay; mialà amiko, hianareo mpanao meloka.

Aza manompo eo amin'ny ivelany fa katsaho ny firaisana amin'ny Tompo.

Hira 465 :3. Ny nofoko malemy

Vavaka
- Mba ny firaisana marina amin'ny Tompo sy ny fikatsahana ny Fanjakany sy ny fahamarinany no hanosika hanao ny asa rehetra na eo amin'ny fianakaviana, na eo amin'ny Fiangonana na eo amin'ny firenena fa tsy ny hambon'olombelona.
- Mba hahay hifanohana sy hifampahery amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra sy ny fifampivavahana ny ao amin'ny fianakaviana sy ny ao am-piangonana.
- Ho an'ireo marary sy ireo namoy havana.

Vakiteny 4. Matio 7.24-27.
24 Koa amin' izany na zovy na zovy no mandre izany teniko izany ka mankatò azy, dia hoharina amin' ny lehilahy manan-tsaina izy, izay nanorina ny tranony teo ambonin' ny vatolampy.25 Ary latsaka ny ranonorana, ka nisy riaka be, sady nifofofofo ny rivotra ka namely izany trano izany; nefa tsy nianjera izy, satria efa naorina teo ambonin' ny vatolampy.26 Fa izay rehetra mandre izany teniko izany, nefa tsy mankatò azy, dia hoharina amin' ny lehilahy adala, izay nanorina ny tranony teo ambonin' ny fasika.27 Ary latsaka ny

ranonorana, ka nisy riaka be, sady nifofofofo ny rivotra ka namely izany trano izany; dia nianjera izy, ka loza ny fianjerany.

Ny fankatoavana ny tenin'Andriamanitra no lalam-pahendrena sy lalam-piainana.

Hira : 465 :4. Ry Jeso ô, ry Jeso

Vavaka
Vavaka malalaka.

Teny fandravonana. Jaona 15.14-16
Hianareo no sakaizako, raha manao araka izay andidiako anareo. Tsy hataoko hoe mpanompo intsony hianareo, fa ny mpanompo tsy mahalala izay ataon' ny tompony; fa efa nataoko hoe sakaiza hianareo, satria izay rehetra reko tamin' ny Raiko no nambarako taminareo. Tsy hianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hamoa, ary mba haharetan' ny vokatrareo, mba homen' ny Ray anareo izay rehetra hangatahinareo amin' ny anarako na inona na inona.

Hira 465 :5 Ny dianao jereko

Tsodrano. 2Tes.1.11-12
" Hataon' Andriamanitsika ho miendrika ny fiantsoana hianareo, ary hotanterahiny amin' ny hery ny fankasitrahana tsara rehetra sy ny asan' ny finoana, mba hankalazaina ao aminareo ny anaran' i Jesosy Tompontsika, ary hianareo ao aminy kosa, araka ny fahasoavan' Andriamanitsika sy Jesosy Kristy Tompo. "